



FITSIPI-PIFEHEZANA **HO AN'NY MPIANATRA**

A. MOMBA NY FANAMIANA:

1. Rehefa alatsinainy sy andro voatokana: *fanamiana enti-mianjaika*

Ny fanamian'ny ny mpianatra isaky ny alatsinainy dia **LOBAKA FOTSY** sy **PATALOHA VELON-DRIRANA** mainty ny ambany ho an'ny lehilahy ary **ZIPO MIVALOMBALONA NA PLISSE** mainty ambanin'ny lohalika ho an'ny vahivavy.

2. Rehefa talata hatramin'ny zoma: *fanamiana andavanandro: aronakanjo miloko manga*

HO AN'NY LEHILAHY	HO AN'NY VEHIVAVY
lava manasa-pe	lava hatreny amin'ny lohalika ary misy fehin-kibo eo amin'ny valahana
Lava tanana, madio, voapasoka,tsy misy rovitra, misy “écusson” izay vidina aty am-pianarana. Atao malalaka ahafahana manao akanjo mafana anatin'ny amin'ny ririnina Azo atao ny manao AKANJO MAFANA AMBONY ARONAKANJO KANEFA TSY MAINTSY VAKY ANOLOANA ary TSY MAINTSY MIVOHA ahitana ny blouse ao anatin'ny. Tsy azo aforitra ny tanany ary mihidy tsara ny bokotra.	

3. Rehefa manao fanatanjahantena :

- Manao aronakanjo ara-dalana ny mpianatra ambonin'ny tenue de sport. Rehefa hivoaka ny efitrano hihazo ny toerana anaovana fanatanjahantena vao ekena ny fanalana aronakanjo.
- T-shirt ara-dalana miaraka amin'ny short mainty no anaovana rehefa EPS
- Izay tsy manao EPS dia tokony hampiseho taratasy ara-dalana avy amin'ny Dokotera milaza fa “dispensé de gym” ny mpianatra iray noho ny toe-pahasalamany

B. FIDIRANA / FIVOAHANA NY SEKOLY

- Milahatra eo anoloan'ny varavarana vao miditra any an-dakilasy ny mpianatra rehetra
- Mihidy ny vavahady rehefa avy maneno ny sonnerie. Mijanona ao ivelany izay tara.
- Misokatra indray ny vavahady 10 mn aorian'ny fidirana hidiran'ireo tara ary mihidy avy hatrany raha vao tafiditra izy ireo. Milahatra maka « billet d'entrée » vao miditra any amin'ny salle.
- Ireo tsy tafiditra tamin'ny fivohan'ny vavahady fanindroany dia afaka adiny iray vao mahazo miditra, maka billet d'entrée vao miditra any amin'ny efitrano.
- Vao miditra ny vavahady dia midina ny bisikileta na moto ireo izay mandeha izany ary manosika mandrapahatonga any amin'ny toerana asiana izany.
- Tsy misy olon-kafa mahazo miditra ny faritry ny sekoly raha tsy nahazo alàlana na misy antony mari-pototra (lalàna ho an'ny sekoly rehetra io)
- Tsy azo atao ny mivoaka ny vavahady amin'ny elanelam-potoana.
- Koa satria efa misy gargote nahazo alalana avy amin'ny sekoly ato dia tsy mahazo mivoaka mividy tambintsakafo ny mpianatra amin'ny fakan-drivotra.
- Tsy maintsy manao aronakanjo amin'ny andavan'andro ary fanamiana amin'ny Alatsinainy vao mahazo miditra ny vavahady ny mpianatra
- Rehefa mangatsiaka dia azo atao ny manao akanjo amboniny vaky anoloana ary tsy maintsy aseho ny blouse.
- Tsy maintsy atrehina ny fananganana ny saim-pirenena

C. FIDIRANA NA FIVOAHANA NY EFITRANO

- Tsy misy mpianatra mahazo miditra ny salle mialoha ny mpampianatra
- Amin'ny ora firavana dia ny mpianatra no mivoaka mialoha ny salle ary ny mpampianatra no mivoaka farany
- Tsy azo atao mihitsy ny mitondra na mampiasa finday ao am-pianarana
- Adidy sy andraikitry ny mpianatra ny efitrano fianarana misy azy ka miantoka izay simba na very ao amin'izany efitrano izany izy ireo.
- Tsy azo atao ny mivezivezy eny an-tokotany amin'ny ora fianarana na tsy tonga aza ny mpampianatra na fiatoana (creuse) aza, ka ny filohan'ny kilasy no miantoka ny filaminana

D. LAFINY FIANARANA

1-FAHATARANA

- Miezaka ny tsy ho tara ny mpianatra
- Ny atao hoe tara dia ireo mpianatra tokony hiditra amin'ny 07ora ihany.
- Tsy tokony hihoatra ny in-telo ny fahatarana isam-bolana. Sazy an-kisa 5 avy hatrany no omena izay mihotra izany.

mpampianatra ao an-dakilasy

2- TSY FAHATONGAVANA

- 15mn mialoha ny fidirana no tsy maintsy akana ny fahazoan-dalana hiditra rehefa nisy fanapahana ka maneho izany amin'ny mpampianatra vao mahazo miditra.
 - Raha manapaka ny mpianatra dia tsy maintsy manoratra ao amin'ny Carnet de correspondance ny Ray aman-dreny.
 - Ny mpianatra manapaka mihoatra ny iray andro dia sady manoratra amin'ny Carnet de correspondance no manoratra taratasy fierana no manatitra azy aty am-pianarana ny Ray aman-dreny ary mampiseho **Karapanondro**.
 - Raha mihoatra ny herinandro ny fanaapahana ka tsy tonga ny Ray aman-dreny milaza ny antony dia heverina ho toy ny manala tena ny mpianatra ka tsy horaisina intsony na dia amin'ny taom-pianarana manaraka aza.
 - Raha manapaka amin'ny taranja iray ny mpianatra kanefa tonga amin'ny taranja manaraka (absence selective) dia heverina ho toy ny manapaka ihany **ka tsy maintsy aterin'ny Ray aman-dreny**
 - Ny fanazavana an-telefonina na an-taratasy dia tsy azo ekena.
 - Raha misy antony tsy maintsy ialan'ny mpianatra ao an-tsekoly mialoha ny fotoana firavana dia tsy maintsy maka taratasy fahazoan-dalana mivoaka ary mitondrana taratasy fialan-tsiny noho ny fanapahana avy eo rehefa miverina mianatra ny mpianatra.
 - Tsy azo atao ny manapaka mihoatra ny indroa ao anatin'ny roavolana iray iray.
- Mitondra Ray aman-dreny manazava ny anton'ny fanapahana izay vao azo ekena ny fidirana raha mitombina ny fanazavana.

E. MOMBA NY FANASAZIANA:

Afaka manasazy ny mpianatra rehetra na mpampianatra na mpandraharaha ka Mahita tsy fanarahan-dalàna ataon'ny mpianatra iray na aiza toerana

a. Fitondrantena sy fitafy

NY ZAVATRA ATAONY	ISA	SAZY Hafa MIARAKA AMINY
Ankizilahy lava volo/ankizivavy manao maquillage, manalava hoho, manao vernis, manao lokomena, Ny ankizilahy manao kavina ila, Ny mandoko volo, ...	5	Mody avy hatrany raha tsy afaka eo noho eo ireo.
Ny fanamiana tsy ara-dalana	5	Mody misolo akanjo
Ny manakorontana na mitarika ny mpianatra sasany hikorontana	10	Miakatra CODIS
Manoratsoratra dabilio na rindrina	5	Mitady fomba anadiovana izany ka tsy mahazo mianatra raha tsy vita izany
Ny tsy fanajana na fanimbazimbana olona	15	Letter d'engagement sy fampitandremana voalohany
Ny fanimbana ny fitaovan'ny sekoly	15	Fanoloana ilay fitaovana ka tsy mihoatra ny iray volana
Makatahaka na fanaovana hosoka amandritra ny fanadinana	10	Aotra no isa apetaka ao anatin'ny takelakisa.

b. Faharisihana sy fahazotoana

NY ZAVATRA ATAONY	ISA	SAZY Hafa MIARAKA AMINY
Tsy mamafa trano sy toeram-pivoahan	5	Mamafa irery mandritra ny herinandro. X 2 io raha mbola tratra, dia toy izay hatrany raha mbola tratra
Ny fahatarana mihoatra ny in-telo isam-bolana	5	Aterin'ny RAD

Ny tsy fahatongavana mihoatra ny in-droa isaky ny bimestre	5	Aterin'ny RAD
Ny tsy mitondra carnet de correspondance	10	Manadio birao rehefa fakan-drivotra, misoroka bozaka, manadio tokontany, ..
Tsy nahavita enti-mody na nanao ny ampahany ihany	10	Mamerina ny fanitsiana araka izay isa faritan'ny mpampianatra
Tsy mahay lesona	10	Tsy mahazo maka rivotra fa mianatra lesona ao an-dakilasy na any amin'ny tranom-boky.

Rehefa mitambatra ny isan-tsazy dia toy izao no mitranga

Isa 15: ampiantsoina ny RAD

- 20 points : fampiatandremana voalohany soratana ao anaty carnet sy any amin'ny bulletin
- 25 points : Conseil de Discipline izay mety hitarika amin'ny fandroahana
- Mihoatra ny 25 kosa dia ny conseil de classe no manapaka amin'izay atao aminy.
- Ny mpianatra voaroakan'ny mpampianatra avy ao amin'ny salle dia tsy maintsy misy fanamarihana ataon'ny mpampianatra ao amin'ny carnet ary soniavin'ny Ray amandreny.

c. **Fanamarihana**

FANDROAHANA AVY HATRANY

- Izay tratra mangalatra na manao hosoka
- Ny fihetsika tsy maotina rehetra -
- Miady anatin'ny manodidina ny faritry ny Sekoly

TSY AZO ATAO MIHITSY

- Ny mitondra volabe na zavatra sarobidy aty am-pianarana. Tsy tompon'andraikitra ny sekoly amin'izay zavatra very.
- Ny mitondra na mapiasa téléphone ao anatin'ny Faritry ny Sekoly
- Ny mitondra fitaovana mety handratra na hamono(zava-maranitra, antsy, antsipika, zavatra mipoaka,..)
- Ny mametaka affiche nefa tsy nahazo alalana avy tamin'ny tompon'andraikitra
- Ny mipetratraka ao ambadiky ny tambohon'ny Lycée.

F. DIA FIBEAZANA NA FIVOAHANA AN-TSELIKA

Ny mpampianatra tomponandraikitra ny kilasy sy mpianatra ao anatin'ny kilasy no tompon'andraikitra manontolo amin'ny fanomanana sy ny fandaminana ny dia fibeazana toy ny fitadiavam-bola, ny trano ivantanana, ny toerana aleha, ny fitaterana, ...

Raha misy fifanarahana'ny mpianatra sy ny mpampianatra dia toy izao ny fepetra raisina:

- Mpampianatra roa isaky ny classe no miandraikitra ny mpianatra
- Manome alalana an-tsoratra ny Ray aman-dreny vao mahazo mandeha ny mpianatra
- Manao taratasy fangatahana fahazoan-dalana any amin'ny Proviseur ny mpampianatra tomponandraikitra ka mahazo alalana vao mahazo mandeha
- Manao ny taratasy rehetra ara-dalana any amin'ny CISCO sy ny PASCOMA sy ny contrat ifanaovana amin'ny mpitatitra ary ny ATT ny mpampianatra tompon'andraikitra.
- Mampandre ny tompon'andraikitra rehetra: ZAP, CISCO, DREN ny mpampianatra tompon'andraikitra farafahatarany herinandro mialohan'ny handehanana.

FAMPATSIAHIVANA:

Andininy tsara ho fantatra notsongaina avy tamin'ny fitsipika mifehy ny FEFFI, nolanian'ny fivoriam-be ny 21 jona 2025, mahakasika ny mpianatra :

ANDININY 3 : MOMBA NY FAMONJENA FIVORIANA

Tsy mahazo mianatra ny zanaky ny RAD tsy tonga namonjy fivoriana raha tsy ateriny.

ANDININY 2 : MOMBA NY FITANTANANA NY VOLA

Tsy misy mpampianatra na mpandraharaha na mpianatra mahazo mitahiry vola nanganina ho amin'ny voyage d'étude na zavatra hafa fa tsy maintsy arotsaka any amin'ny mpitantam-bolan'ny sekoly.

Tsy misy mpampianatra na mpandraharaha afaka mifampiraharaha ara-bola amin'ny mpianatra : misambotra na mampisambotra.

ANDININY 4 : MOMBA NY FITAOVANA ETO AMIN'NY LISEA

Na iza na iza kosa manimba fitaovan'ny Lisea dia manolo avy hatrany. Raha mpianatra, dia antsoina ny Ray aman-dreniny, atao ny taratasy fifanarahana ka tsy tokony hihoatra ny iray volana kosa ny fotoana fanoloana azy.

Inscription